# Ahoana Raha Tsy Tonga Lafatra Indraindray ny Zavatra Ataoko?

Tsy te ho diso mihitsy ny olona mitady ny tonga lafatra, sady tsy tiany ho diso koa ny hafa. Lasa sosotra amin'ny tenany sy amin'ny hafa ary izy matetika. Hoatr'izany koa ve ianao? Andramo atao ary ireto:

## 1 FANTARO ILAY OLANA

Mariho hoe iza amin'ireto no ahitanao hoe mitady ny tonga lafatra ianao.



○ ANY AM-PIANARANA
(Kivy be ianao raha tsy mahazo ny naoty ambony indrindra.)

○ AO AN-TRANO
(Efa ampiriminao tsara ny zava-drehetra ao an-trano, ka raha misy mikorontana kely fotsiny, dia sosotra ianao.)

○ NAMANA
(Tsy manaiky mihitsy ianao raha manao diso ny hafa, indrindra fa izay heverinao hoe namanao akaiky.)

○ ZAVATRA HAFA

_____

_____

Eritrereto amin'izay ary ilay olana.
Ahoana no ahitanao hoe mitady ny tonga lafatra ianao amin'io lafiny io?

_____

_____

_____



www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

## 2 MAHAIZA MANDANJALANJA

Hoy ny Baiboly: “Ny fahendrena avy any ambony kosa dia … mahay mandanjalanja.” (Jakoba 3:17) Raha eritreretinao ilay olana etsy aloha, inona no azonao atao mba hahay handanjalanja kokoa ianao, ka tsy hanantena hoe hahavita zavatra tsara be foana ianao (na ny olon-kafa)?

- **Aleo**

_____

_____

- **toy izay**

_____

_____

## 3 MIFIDIANA ANDININ-TENY

Iza amin’ireto andinin-teny ireto no tena ilainao?

- ○ ‘Manetre tena rehefa miara-mandeha amin’Andriamanitrao.’—Mika 6:8.
- ○ “Raha mitsingoloka ny fahadisoanay ianao, ry Jah ô, iza no hahajoro, Jehovah ô?”—Salamo 130:3.
- ○ “Na iza na iza olo-marina eto ambonin’ny tany ka manao ny tsara dia mbola manota ihany.” —Mpitoriteny 7:20.
- ○ “Samy efa nanota ny rehetra ka tsy mahatratra ny voninahitr’Andriamanitra.”—Romanina 3:23.
- ○ “Aoka ho fantatry ny rehetra fa mahay mandanjalanja ianareo.”—Filipianina 4:5.

Nahoana ilay andinin-teny nofidinao no mety hanampy anao tsy hitady ny tonga lafatra foana?

_____

_____

_____

_____

_____

_____

_____

_____

_____



www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

## 4 MIFIDIANA MODELY

Iza no hitanao hoe mahay mandanjalanja, ka *tianao* hatao modely? Fa nahoana?

"Rehefa tsapako hoe mitady ny tonga lafatra aho, dia eritreretiko ny olona mahafinaritra ahy, satria mahazo aina aho rehefa miaraka aminy. Dia lasa miezaka kokoa aho tsy hitady ny tonga lafatra foana. Mba tiako mantsy raha mahazo aina koa ny hafa rehefa miaraka amiko."—Anna.

## 5 MANÀNA TANJONA

Inona no tanjona azonao tratrarina, amin'izay ianao tsy hitady ny tonga lafatra foana?

"Raha tsy araka ny nieritreretanao azy ny zava-mitranga, dia tadidio hoe efa niezaka nanao ny tsara indrindra vitanao ianao. Dia eritrereto hoe afaka miana-javatra amin'ny zavatra tsy nety nataonao ianao."—Kara.


www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania